“Hozonin’I Allah anie ny Jiosy sy ny Kristianina noho ny fakan'izy ireo ny fasan’ny mpaminaniny ho toeram-pivavahana

Tatitra azo avy tamin'i Aisha (R.A), Renin'ny mpino, Niteny i Mpaminany (S.A.W) nandritra ny aretiny izay tsy nahafahany nitsangana : “Hozonin’I Allah anie ny Jiosy sy ny Kristianina noho ny fakan'izy ireo ny fasan’ny mpaminaniny ho toeram-pivavahana". Hoy i Aisha : Raha tsy izany, dia naharihary ny fasany, saingy natahotra izy sao hatao moske.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Milaza amintsika i Aisha, Renin'ny Mpino (R.A) fa ny Mpaminany (S.A.W) niteny tamin'ny fotoana nararian’y izay nihamafy ka nahatonga ny fahafatesany : Allah dia nanozona ny Jiosy sy ny Kristianina, ary nandroaka azy ireo tamin’ny famindram-pony. Izany dia noho izy ireo nampiasa ny fasan’ny mpaminanin'izy ireo ho moske, tamin’ny fanorenana teo amboniny na nivavaka teo anilany na teo akaikiny. Dia hoy i Aisha (R.A) : Raha tsy noho izany fandrarana sy fampitandremana avy amin'ny Mpaminany (S.A.W) sy ny fahatahoran'ny mpanaradia izay hatao amin'ny fasan'ny Mpaminany, tahaka ny nataon’ny Jiosy sy ny Kristiana tamin’ny fasan’ny mpaminaniny, dia naseho sy nasongadina ny fasany.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/5379